Ny Baiboly ho an'ny ankizy dia manolotra

Noa sy ny safo-drano

Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: Byron Unger; Lazarus

Nampifanarahin'i: M. Maillot; Tammy S.

Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2013 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Noa dia lehilahy
nankato sy nivavaka
tamin'Andriamanitra.

Tsy mba
toy izany kosa
ireo olona hafa
niara-belona
taminy
izay
naditra sy
nankahala
an'Andriamanitra.



Indray andro,
niteny tamin'i Noa
Andriamanitra:

"Handringana izay
rehetra miaina
eny ambonin'ny tany
Aho ka ianao sy ny
ankohonanao
ihany
no hovonjeko".

Nambaran'Andriamanitra tamin'i Noa fa hisy safo-drano handrakotra ny tany manontolo ka hoy Izy taminy:

"Manamboara
ianao sambo-fiara lehibe
mahazaka ny ankohonanao
sy biby marobe".

Rehefa
natoron'Andriamanitra
azy izay fomba
hanamboarana
ilay ...

... sambo goavam-be dia nanomboka ny asa avy hatrany i Noa.

Nihomehy sy
naneso an'i Noa
ny olona raha
nahita
azy
nanamboatra
ilay sambo lehibe
dia lehibe saingy
tsy ...

... nahasakana azy izany fa notohizany
hatrany ny asany.

Na dia
nanambara
ny
amin'Andriamanitra
sy ny safo-drano
hanjo ny tany aza
i Noa dia tsy
nihaino azy
ny olona.

Tsy mbola
nisy ranonorana
nilatsaka mihitsy
hatramin'izay
teto ...

... ambonin'ny tany
nefa dia tena
nino sy natoky
an'Andriamanitra
i Noa.

Ho vonona
tsy ho ela ny
sambo-fiara ka
hampidirina ...

... amin'izay ny sakafon'ny olona sy ny biby hatao vatsy.

Anjaran'ny biby indray izao ka nampidirin'Andriamanitra ...



... tsiroaroa lahy sy vavy avy ireo karazam-biby samihafa.



Toy izany koa ireo voromanidina kely sy lehibe ary ireo biby vaventy ...



... namonjy namonjy niditra ny sambo-fiara avokoa.



Mbola nihomehy sy
nihevitra an'i Noa
ho adala ihany ny
olona raha
nahita azy ...

... nampiditra ireo biby marobe
tao anaty sambo-fiara fa
tsy mba nangataka ny
hiara-hiditra tao.

Vao mainka
aza naniratsira
an'Andriamanitra
no nataony.

Rehefa
tafiditra
avokoa
ireo biby sy
ireo vorona dia
hoy Andriamanitra
tamin'i Noa:


"midira
ianao
sy ny
ankohonanao ao
anaty sambo-
fiara".

Dia
niditra i
Noa, ny
vadiny ary
ireo zanany
telo lahy miaraka
amin'ny vadiny avy.

Ary dia
nakaton'Andriamanitra
ny varavaran'ilay
sambo-fiara.

Ary dia
nisy ranonorana
nivatravatra nilatsaka
nandritra ny efa-polo
andro sy efa-polo alina ka
nanafotra ny tany manontolo.

Safotry ny
rano avokoa ny vohitra
sy ny tanàna rehetra.

Ka
rehefa
nitsahatra
ny ranonorana
dia indro fa difotry
ny rano na dia ...

... ny tendrombohitra faran'izay avo indrindra aza.
Maty avokoa izay rehetra niaina tambonin'ny tany.

rano na dia ny tendrombohitra faran'izay avo indrindra aza. Maty avokoa izay rehetra niaina tambonin'ny tany.

Ny sambo-fiaran'i
Noa sy izay tao
anatiny no sisa
nitsingevana
tambonin'ilay
ranobe.


Maizina,
nihovitrovitra sy
nampatahotra be
tao anatiny saingy
io sambo-fiara io no
namonjy sy niaro
an'i Noa tamin'ny
safo-drano.

Rehefa afaka dimy volana
dia nisy rivotra be nitsoka
nataon'Andriamanitra
hanamaina ny
rano
nanafotra ny tany.

Dia nihena miandalana
ny rano ka tafapetraka
teo ambonin'ny
tendrombohitra
iray atao
hoe
Ararata ny
sambo-fiaran'i
Noa.

Saingy mbola nijanona efa-polo andro tao anaty sambo ry zareo mandra-paharitran'ny rano
tanteraka.

Dia novohan'i Noa ny varavaran-kely iray tamin'ny sambo-fiara ka nandefa goaika iray izy, avy eo voromailala iray koa.

Saingy niverina ireny satria tsy nahita izay hipetrahana fa mbola tsy maina ny tany.

Rehefa afaka
herinandro,
nalefany indray
ilay voromailala.

Niverina io ka nitondra ravin'oliva teo am-bavany.

Dia nalefan'i Noa indray izy herinandro taty aoriana ka tsy niverina intsony. Midika izany fa efa maina ny tany.

Dia nasain'Andriamanitra
nivoaka ny sambo-fiara
amin'izay i
Noa ...

... sy ny fianakaviany ka navoakany koa ireo biby marobe niaraka taminy tao.

Ho fisaorana sy ho fankasitrahana an'Andriamanitra rehefa nanangana alitara i Noa ka nanao fanatitra ho an'Andriamanitra.

Andriamanitra
tokoa mantsy
no namonjy
an'i Noa sy ny
fianakaviany
tamin'ny
safo-drano.

Nanao fanekena tamin'i Noa Andriamanitra fa tsy mba handringana ny tany amin'ny safo-drano ...

... intsony mandrakizay noho ny fahotan'ny olona.

Dia nametraka ny AVANA teny amin'ny lanitra

Andriamanitra hamantarana sy hahatsiarovana izany fanekena izany.

Nanorina
fiainana vaovao
indray i Noa sy
ny fianakaviany
taorian'ny
safo-drano.

Niparitaka
nanerana ny tany ny
taranak'izy ireo ka ny
firenena rehetra
eto ambonin'ny
tany
dia avy
amin'i Noa avokoa.

Noa sy ny safo-drano

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra,
ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Genesisy 6 - 10

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava." Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala
amin'ny fahotanao ianao, dia izao
no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy
Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy
Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako,
ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-
baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny
Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona
ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha
amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16